



## FAMPAHAFATARANA ANKAPOBENY NY TESTAMENTA VAOVAO

### Fampidirana

Tsara ny mampahatsiaro fa ny teny hoe Baiboly dia tsy teny malagasy akory fa teny vahiny nohagasiana. Ny teny hoe Baiboly dia avy amin'ny teny grika hoe « biblos » (singulier) na « biblia » (pluriel). Tany am-boalohany dia ny teny grika Biblos no nampiasaina ka nentina nilazana ny bokin'ny lalàna (Livre de la Loi) na ny Bokin'i Mosesy (le livre de Moïse) na koa ireo boky masina (Les livres saints) na ireo boky voatokana (les livres sacrés). Ny Baiboly Septante (ny Testamenta Taloha voadika amin'ny teny grika) no tena nampiasa io teny hoe « biblos » (singulier) io. I Josèphe Flavius no nampiasa voalohany ny teny hoe « biblia » (pluriel) tamin'ny taonjato voalohany, ho anarana ilazana ny Baiboly izay ahitana ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao. Nampiasa io teny hoe « biblia » io koa ireo rain'ny Fiangonana, toa an-dry Clément d'Alexandrie sy ry Origène, ho anarana ilazana ny Baiboly misy ny Testamaneta Taloha sy ny Testament Vaovao. Ary izay no voatana mandrak'ankhitryny. Avy amin'ny teny grika hoe « biblia » (pluriel) ny Baiboly.

Ny dikan'ny hoe « biblia » na Baiboly amin'ny teny malagasy dia boky. Ny Baiboly izany dia fitambarana boky saingy boky tsy tahaka ny boky rehetra fa boky mirakitra ny Tenin'Andriamanitra. Miisa 66 ny boky mandrafitra ny Baiboly ka ny 39 no isan'ny boky ao amin'ny Testamenta Taloha ary 27 ireo boky mandrafitra ny Testamenta Vaovao. Tsara ihany koa ny mampahatsiaro ny dikan'ny teny hoe « Testamenta ». Ny teny hebreo hoe *berît* dia nadika (Jiosy manana kolontsaina grika) amin'ny teny grika hoe *diathèkè*. Amin'ny teny hebreo anefa ny *berît* dia midika hoe « Fanekena » (Alliance), nefa ny teny grika hoe *diathèkè* dia midika hoe « Testamenta » (Testament). Misy teny anankiroa amin'ny teny latina no azo andikana ny teny hebreo hoe *berît* : *testamentum* sy *foedus*. Na dia ny teny latina hoe *foedus* aza no tena manakaiky ny dikanteny hebreo hoe *berît* (alliance), dia nisafidy ny teny *testamentum* ry zareo latina ho entina mandika ny teny hebreo hoe *berît*. Koa ny dikan'ny teny hoe *berît*, amin'ny teny hebreo ary *diathèkè*, amin'ny teny grika, izay dia midika hoe *testamentum* amin'ny teny latina, izay midika ara-bakiteny hoe : « testament, temoignage » amin'ny teny frantsay. Ary io *testamentum* io no nohagasiana hoe « Testamenta », izay midika hoe : FIFANEKENA (Testament, Alliance, contrat, convention). Tsy inona araka izany ny Testamenta fa fifanekena eo amin'Andriamanitra sy ny olona. Ny Fanekena Taloha na Testamenta Taloha dia fifanekena teo amin'Andriamanitra sy ny Zanak'Israely. Ny Fanekena Vaovao na Testamenta Vaovao kosa dia Fifanekena teo amin'Andriamanitra,

tamin'ny alalan'i Jesoa Kristy sy ny olona na ny kristiana. Raha ambara misimisy kokoa, ny Testamenta vaovao dia fitambaran'ireo soratra mifandray amin'ny fiainan'i Jesoa sy ny fampianaran'ireo mpianatra voalohany ; soratra izay nekenan'ireo manam-pahefana kristiana tamin'ny fotoan'andro ho kanonika (canoniques) taorian'ny dingana maromaro natao ary tao anatin'ny taonjano maromaro. Tamin'ny taona 363, nandritra ny Konsilin'ny Laodikia (Concile de Laodicée) no namerana ireo boky 26 mandrafitra ny Testamenta Vaovao. Mbola tsy tao anatin'ny fotoana io ny bokin'ny Apokalypsy. Tany amin'ny taonjato faha XIII vao tafiditra ho isan'ny boky ao amin'ny Testamenta vaovao ny boky Apokalypsy.

Tsy hiresaka ny Testamenta Taloha isika satria izay no nianarantsika tamin'ny heriny. Fa anio kosa isika dia hijery ny Testamenta Vaovao. Misy boky 27 ny Testamenta Vaovao. Tany amin'ny taonjato faharoa no nahazoana ireo boky 27 ireo. Azo zaraina 4 mazava tsara ny Testamenta Vaovao : Ny voalohany dia ny Filazantsara, izay ahitana boky 4 : Matio, Marka, Lioka, Jaona. Ny faharoa ny boky tantara izay boky iray ihany no mandrafitra azy : Asan'ny Apostoly. Ny fahatelo : Ireo Epistily na taratasy izay ahitana boky 21. Ny fahaefatra : Ny boky faminiana izay boky iray ihany no mandrafitra azy : Apokalypsia.

## 1) Ny Filazantsara

Amin'ireo Filazantsara 4, dia ny Filazantsara araka an'i Matio, Marka, Lioka no antsoina hoe : « Filazantsara synoptika ». Ilay teolijiana malaza mpanao hevinteny (exégète) iray antsoina hoe Johann Jakob Griesbach, terantany allemand izy io, izy no nampiditra na nampiasa voalohany io teny hoe « synoptique » io tany amin'ny taona 1776 tany ho any. Ny teny hoe synoptika dia avy amin'ny teny grika 2 natambatra hoe : *syn*, izay midikak hoe « ensemble » na miaraka, sy ilay teny grika hoe *opsis*, izay midika hoe « voyant » na hita. Ny hoe synoptika izany dia midika ara-bakiteny hoe : « hita miaraka ». Raha adika amin'ny fomba hafa, ny synoptika dia midika hoe : azo atao indray mijery (Qu'on puisse les voir ensemble ou l'on puisse regarder ensemble). Mampiseho fitoviana betsaka ireo Filazantsara 3 ireo amin'ny fomba fanehoany ny tantara sy ny fampianarana ataon'i Jesoa. Mampiasa teny na fehezanteny saika mitovitovy ireo Filazantsara 3 ireo. Miavaka noho ireo 3 ireo kosa ny Filazantsara araka an'i Jaona.

Fa nahoana kosa no nantsoina hoe « Filazantsara » ireo boky 4 voalohany mandrafitra ny Testamenta vaovao ? Ny teny fototra na teny grika niavian'ny teny hoe Filazantsara dia « εὐαγγέλιον » (euangellion), izay avy amin'ny teny 2 natambatra ka ny voalohany dia « εὐαγ » (euag) izay midika hoe « bonne », ary ny faharoa dia ny teny « γέλιον » (gellion), izay midika hoe : « nouvelle ». Araka izany, ny « Evangile » na ny Filazantsara dia midika hoe : Vaovao mahafaly (Bonne nouvelle) na hafatra tsara (bon message). Io « Evangile » io moa no nohagasian'ny Fiangonana katolika malagasy hoe « Evanjely ». Raha fintinina, ry havana, ny Filazantsara dia Ilay Vaovao mahafaly nambaran'i Jesoa Kristy (La bonne nouvelle proclamée par Jésus Christ).

Ireo Filazantsara 4 ireo no lazaina hoe « Filazantsara kanonika (Les évangiles canoniques), izany hoe ireo Filazantsara neken'ny Fiangonana kristiana katolika sy protestanta ary ortodoksa (*Un livre canonique, est un livre contenant la règle de la foi et de la vie et possédant, en vertu de son inspiration divine, une autorité souveraine pour tous les croyants.*) Tsy ireo Filazantsara 4 ireo ihany mantsy no Filazantsara nisy tamin'ny taonjato voalohany, fa nisy koa Filazantsara hafa marobe ka ny 9 amin'ireny no tena malaza : Filazantsara araka an'i Thomas (Evangile selon Thomas), Filazantsaran'i Petera (Evangile de Pierre), Filazantsaran'i Barnabé (Evangile selon Barnabé), Filazantsaran'ny Hebreo (Evangile des Hébreux), Filazantsaran'i Ebionites (Evangile des Ebionites), Filazantsaran'ny Egyptiana

(Evangile des Egyptiens, grec), Filazantsaran'i Nikodemosy (Evangile de Nicodème), Filazantsaran'ny Egyptiana (Evangile Egyptiens, copte), Filazantsaran'ny andro (Evangile du jour). Ireo Filazantsara ireo sy ny hafa marobe no antsoina hoe Filazantsara apokryfa (Evangiles apocryphes), izay midika ara-bakiteny hoe « Filazantsara miafina » (Evangiles cachés), Filazantsara nisy tamin'ny fotoan'andro fa tsy neken'ny Fiangonana kristiana katolika sy protestanta ary ny ortodoksa ho Soratra Masina azo hanorenana finoana. Ireo Filazantsara 4 fantantsika ireo ihany no neken'ireo Fiangonana 3 ireo ho azo hanorenana finoana. Maro ny antony tsy naneken'ireo Fiangonana 3 ireo, ireo Filazantsara aporyfa 9, izay tsy ato no hamelabelarana izany. Azon'ny kristiana vakiana ireny ahafahana mamantatra ny tantara, ohatra, fa tsy azo hanorenana foto-pinoana kosa (dogme). Tsara ihany ny mahalala fa ny Konsily tany Laodikia (Concile de Laodicée) natao tany amin'ny taona 363 tany ho any, izay Konsily voalohany, no nanamafy ny famerana ny isan'ireo Filazantsara kanonika ho 4.

Mikasika ny fotoana nanoratana ireo Filazantsara 4. Nandalo dingana maro ny fanoratana ireo Filazantsara 4 ireo. Toy izao no azo hamintinana izany. Voasoratra teo anelanelan'ny taona 65 ka hatramin'ny taona 95 ireo Filazantsara ireo, araka ny fikarohana iombonan'ny mpikaroka maro. Ny fanangonana ireo rakin-tsoratra mirakitra ireo teny tena notenenin'i Jesoa no tena naha ela ny fanoratana. Tsara koa ny manamarika fa tsy arakaraky ny filaharan'ny boky ao amin'ny Testamenta Vaovao akory ny filaharan'ny taona nanoratana azy. Raha ny fikarohana natao, dia tsy ireo boky ao amin'ny Filazantsara akory no boky tranainy indrindra, na voasoratra taloha ao amin'ny Testamenta Vaovao. Misy, ohatra, epistily vitsivitsy nosoratan'i Paoly mbola nosoratana talohan'ireo Filazantsara 4 ireo. Ny Filazantsara araka an'i Marka no voasoratra voalohany indrindra tamin'ireo Filazantsara 4 ireo. Tany ho any amin'ny taona 70 tany mantsy no nanoratana ny Filazantsara araka an'i Marka. Ny Filazantsara araka an'i Matio no voasoratra manaraka, dia teo anelanelan'ny taona 80 sy 85 tany ho any. Ny Filazantsara araka an'i Lioka no voasoratra manaraka, dia teo anelanelan'ny taona 80 sy 90 teo ho eo. Ny voasoratra farany tamin'ireo Filazantsara 4 ireo, dia ny Filazantsara araka an'i Jaona, teo anelanelan'ny taona 90 sy 110. Ndeha, ry havana hojerentsika ankapobeny ny boky tsirariray ao amin'ny Filazantsara.

### **a) Ny Filazantsara araka an'i Matio**

Araka izay iombonan'ny mpandinika maro sy eken'ny Fiangonana, ny Filazantsara araka an'i Matio dia nosoratan'i Apostoly Matio, izay tsy iza fa ilay mpamory hetra tonga mpanara-dia an'i Jesoa ary voafidy ho Apostoly. Araka izay nolazaina teo aloha dia nosoratan'i Apostoly Matio io Filazantsara io teo anelanelan'ny taona 80 sy 85, fotoana izay nanombotomboan'ny fivavahana kristiana. Tamin'izany fotoana izany, ny ankamaroan'ireo kristiana resy lahatry ny fivavahana kristiana (convertis) dia Jiosy. Raha izany no zava-nisy tamin'ny fotoana nanoratan'i Matio dia rariny izy raha nanoratra tamin'ny fomba fahitana na fomba fijery jiosy (perspective juive). Araka izany dia nosoratana ny Filazantsara araka an'i Matio, alohan'ny zava-drehetra, ho an'ireo Jiosy tonga kristiana na vao hotaomina, mba hanehoana amin'izy ireo fa raha araka ny Testamenta Taloha (à l'aide de l'Ancien Testament) dia Jesoa Kristy marina no Ilay Zanak'Andriamanitra, Ilay Imanoela, izay midika hoe « Amintsika Andriamanitra » hatramin'ny voalohany. Izy no ilay Zanak'i Davida, Ilay Mesia izay nambaran'ireo mpaminany maro ary nandrasan'i Jiosy fatratra. Vao manomboka ny Filazantsara mihitsy i Matio dia mampiseho an'i Jesoa ho Ilay Mpamonjy (Mt 1,21), Imanoela (1,23), Mpanjaka (2,2), Mesia na Kristy (2,4), Zanak'Andriamanitra (2,15). Ny famerimberenana sy fanondroana an'i Jesoa ho Zanak'i Davida, izay miverina im-polo ao

amin'ny bokin'i Matio, dia midika fa te handresy lahatra ireo Jiosy ireo i Matio fa fitohizan'izay voalaza any amin'ny Testamenta Taloha i Jesoa fa tsy zava-baovao tanteraka akory. Miverimberina betsaka ao amin'ny Filazantsara koa ny fiantsoana an'i Jesoa ho « Zanak'olona », izay teny tsy vaovao teo amin'ny Jiosy satria teny avy amin'ny mpaminany Daniel. Asongadin'i Matio ao amin'ny Filazantsara nosoratany fa i Jesoa Ilay manana fahefan'Andriamanitra any an-danitra sy ety an-tany. Araka ny raki-tsoratra avy amin'ireo rain'ny Fiangonana, dia nitory ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy tao Jerosalema sy ny manodidina, manerana an'i Jodia, nandritra ny 15 taona i Matio. Ary nialohan'ny nialany tao hitory any ivelany no nanoratany sy namoahany ny Filazantsara Matio, izay nosoratany nandritra ny taon amaro.

## **b) Filazantsara araka an'i Marka**

Na dia tsy manondro mazava ny mpanoratra azy aza ny Filazantsara araka an'i Marka, ireo rain'ny Fiangonana kosa dia miombon-kevitra ary eken'ny Fiangonana kristiana maro fa i Marka no nanoratra ny Filazantsara. I Marka dia namana akaiky sady mpanara-dia ny Apostoly Petera sady zanany ara-panahy (1 Petera 5,13). Mpandika tenin'i Petera izy (interprète) ary nanoratra amin'ny antsipirihany, na dia tsy nahazo baiko avy atamin'i Petera aza, izay rehetra toriteny na fampianarana na teny nataon'i Petera mahakasika an'i Jesoa. Araka izany, dia avy amin'i Petera no nahazoany ny vaovao sy ny teny rehetra mikasika ny zava-nitranga rehetra nataon'i Jesoa sy ny fampianarany, ary nandrafitra izany an-tsoratra izy. Ny rain'ny Fiangonana Papias no nanome izany fanazavana izany. Izy ilay Jaona Marka voalaza ao amin'ny Asan'ny Apostoly 12,12. Kristiana manan-karena ny reniny, izay nanana anjara toerana lehibe teo amin'ny Fiangonana kristiana tao Jerosalema. Azo heverina fa tao an-tranon'ny renin'i Marka no niangonan'ny kristiana tao Jerosalema. Niaraka tamin'i Paoly sy Barnabasy i Marka tamin'ny dia misionera voalohany nataon'i Paoly. Tamin'ny dia misionera faharoa kosa dia tsy niaraka tamin'izy mirahalahy intsony izy noho ny tsy fifanarahana kely nisy teo amin'i Paoly sy Barnabasy (Asa 15,37-38). Teo amin'ny faraparan'ny andro niainany, dia nangataka an'i Marka i Paoly mba hiaraka aminy amin'ny asa fanompoana (2 Tim 4,11).

Ny Filazantsara araka an'i Marka no heverina fa tranainy indrindra ao amin'ny Testamenta Vaovao. Nosoratan'i Marka teo anelanelan'ny taona 57 sy 59 taorian'i Jesoa Kristy izany. Raha nosoratana ho an'ny Jiosy ny Filazantsara araka an'i Matio, ny Filazantsara araka an'i Marka kosa dia nosoratana ho an'ny kristiana romana sy ho an'ireo jentilisa tsy Jiosy. Amin'ny maha Mpitandrina (Pasteur) azy no nanoratany ho an'ireo kristiana izay efa nandre ny Filazantsara teo aloha ary efa nino (Rom 1,8) nandritra ny fotoana niarahan'i Marka tamin'i Petera tany Roma raha nitory ny Filazantsara tany i Petera, no nanomboka nanoratra ny Filazantsara i Marka.

Mora ny mamaky ny Filazantsara araka an'i Marka satria manaraka tsara ny fotoana ny fomba fitantarany (ordre chronologique), ary mazava ho azy fa manaraka tsara ihany koa ny fisesin'ny toerana nandehanan'i Jesoa (ordre géographique). Tsy nanomboka ny bokiny amin'ny alalan'ny fitantarana ireo razamben'i Jesoa (généalogie) i Marka, tahaka an'i Matio sy Lioka, satria ho an'ny jentilisa tsy Jiosy ny Filazantsara nosoratany ka fantany fa tsy mahaliana ny jentilisa izany. Mizara 5 miavaka tsara ny Filazantsara araka an'i Marka : ny voalohany : Toriteny na fampianarana ara-pilazantsara (Discours évangélique) (5,1-7,27. Ny faharoa : Toriteny na fampianarana apostolika (Discours apostolique) (10). Ny fahatelo : Fampianarana amin'ny fanoharana (Discours parabolique) (13,1-52). Ny fahaefatra : Fampianarana mahakasika ny Fiangonana (Discours ecclésiastique) (18). Ary fahadimy



farany : Fampianarana mahakasika ny andro farany (Discours eschatologique) (24-25). Ny Filazantsara araka an'i Marka dia manidry kokoa ny asa nataon'i Jesoa noho ny fampianarana nataony. Rehefa mitantara i Marka, ny tanjony dia te hampihanjahanja fa i Jesoa no Mesia, tsy ho an'ny Jiosy ihany fa ho an'ny Jentilisa koa.

### c) Filazantsara araka an'i Lioka

Na dia tsy manondro ny mpanoratra azy aza ny Filazantsara araka an'i Lioka, dia manambara izany kosa ny Lioka 1,1-4 sy ny Asa 1,1-3. Araka ireo andinin-tsoratra Masina ireo dia mpanoratra iray ihany no nanoratra ny Filazantsara araka an'i Lioka sy ny boky Asan'ny Apostoly, ary izy anankiroa dia samy manoratra ho an'i Teofilo, tsy jiosy. Ny Fiangonana voalohany dia efa nanaiky fa i Lioka no nanoratra ny Filazantsara araka an'i Lioka sy ny Asan'ny Apostoly. Dokotera (Medecin) i Lioka ary mpiara-dia akaiky tamin'i Apostoly Paoly (Cf Kolosiana 4,14 ; 2 Tim 4,14). Araka izany dia i Lioka no hany mpanoratra ny Baiboly tsy Jiosy fa jentilisa tonga kristiana. Ireo rain'ny Fiangonana, toa an-dry Iréné (100 Ap. J.-C.), Clément d'Alexandrie (200 Ap. J.-C.), ry Origène (av. 250 ap. J.-C.) ary ry Eusèbe de Césarée (Ap. 300 ap. J.-C.), dia samy miombom-peo fa i Lioka no nanoratra ny Filazantsara araka an'i Lioka ary nosoratana ho an'ireo jentilisa tonga kristiana (pagano-chrétiens).

Heverina fa teo anelanelan'ny taona 58 sy 65 no nanoratan'i Lioka ny Filazantsara. Mitovy amin'i Filazantsara araka an'i Matio sy Marka ny tanjon'i Lioka raha manoratra izy. Tsy inona izany fa ny fampisehoana miharihary an'i Jesoa Kristy sy izay rehetra nataony hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny niakarany tany an-danitra. Miavaka koa anefa ny Filazantsara araka an'i Lioka. Tena niangaliany fatratra ny nanao ny fitantarana (récit métrique), ary nanaovany famotorana tsara izay rehetra soratany. Hoy ny **Lioka 1,3** : « *Dia sitrako koa, rehefa nofotorako tsara ny zavatra rehetra hatramin'ny niandohany, ny hanoratra izany aminao araka ny filaharany, ry Teofilo tsara indrindra.* » Hita taratra be dia be ao amin'ny soratr'i Lioka ny maha Dotokera azy. Manome ny antsipirihan-javatra kokoa izy amin'ireo fitantarana izay hadinon'ny hafa ny mitatitra izany antsipirihan-javatra izany. Rehefa mitantara ny fiainan'i Jesoa i Lioka, dia toy ny mitantara ny fiainan'Ilay Dokotera lehibe (Le Grand Médecin) ary mampivoitra ny fanompoan'io Dokotera Lehibe io eo amin'ny fanompoany sy amin'ny fitiavany ireo jentilisa, ireo samaritana, ireo vehivavy, ireo ankizy, ireo mpamory hetra, ireo mpanota, sns. Jesoa io Dokotera lehibe io.

Azo zaraina 4 mazava tsara ny Filazantsara araka an'i Lioka : Fizarana voalohany : Fampidirana (1,1-4,13). Ny fizarana faharoa : Ny fanompoana teo amin'ny vahoaka tany Galilia (Ministères auprès des foules en Galilé) (4,14-9,50). Ny fizarana fahatelo : Fanompoana mandehandeha (Ministère itinérant) (9,51-19,28). Fizarana fahaefatra : Fanompoana tao Jerosalema (Mnisrère à Jérusalem) (19,29-24,53).

### d) Filazantsara araka an'i Jaona

Araka izay voasoratra ao amin'ny Jaona 21, 20-24, dia azo takarina fa i Jaona Apostoly no nanoratra ny Filazantsara araka an'i Jaona. Ny Apostoly Jaona dia zanak'i Zebedio (Lioka 5,10). Nanoratra ity Filazantsara ity i Jaona teo anelanelan'ny taona 90 sy 100. Nantsoina hoe « Ilay Apostolin'ny fitiavana » i Jaona satria izany no tena mibahan-toerana ao amin'ny boky nosoratany, na ny Filazantsara na ny Epistily.

Toy izao raha fintinina ny momba an'i Jaona Apostoly. Boky 5 ao amin'ny Filazantsara no nosoratany : Filazantsara araka an'i Jaona, Epistily 1 Jaona, Epistily 2 Jaona, Epistily 3 Jaona, Apokalypsy. Jiosy velona tamin'ny taonjato voalohany, izay tonga mpianatr'i Jesoa izy.

Zanak'i Zebedio (Zébédée). Salomé no anaran'ny reniny (Mar 15,40 ; Mt 27,56), izay nanampy ara-bola betsaka ny fanompoan'i Jesoa. Anankiray amin'ny Apostoly 12. Izy ilay mpianatra tian'i Jesoa indrindra (Jn 21, 24). Jakoba no anaran'ny rahalahiny. I Jaona no zandriny. Ny asany : mpanjono niaraka tamin'ny rainy Zebedo sy ny rahalahiny Jakoba teo amin'ny renirano (lac) Tiberiasy (Tibériade), na antsoina koa hoe ranomasin'ny Galilia, na antsoina koa hoe reniranonan'i Genesareta. Tompon'ny sambokely ampiasainy amin'ny fanjonoana izy, ary manana mpiasa manampy azy amin'ny fanjonoana. Araka ny fikaroahana ara-tantara dia mpirahavavy i Salome renin'i Jaona sy i Maria renin'i Jesoa. Mpiara-manarato tamin-dry Petera sy Andrea rahalahiny. I Jaona sy Jakoba rahalahiny dia nomen'i Jesoa anarana hoe : Boanerjesy izay midika hoe Zana-baratra (fils de tonnerre) (Marka 3, 17). Matetika dia miaraka mitokana mivavaka amin'i Jesoa i Jaona, Petera ary Jakoba ary voalaza mihitsy aza fa Biraon'ny mpianatra izy 3 lahy ireo. Mpianatr'i Jaona mpanao batisa i Jaona. Fa rehefa nolazain'i Jaona Mpanao batisa fa i Jesoa no Mesia dia nanaiky ho mpianatr'i Jesoa i Jaona (Jaona 1, 35-40). Taorian'ny niakaran'i Jesoa tany an-danitra, dia anisan'ny anankiray mpitondra Fiangonana tao Jerosalema izy. Avy eo dia nitondra Fiangonana tany Efesosy nandritra ny 10 taona. Natao sesetany tany amin'ny nosy Patmos. Tao no nanoratany ny boky Apokalypsia. Maty tany Efesosy tamin'ny taona 101 i Jaona apostoly teo amin'ny faha 90 taonany ; ary nalevina tao Sekuk tanàna kely iray tao Efesosy ihany. I Jaona no apostoly velona farany.

Ny tanjon'i Jaona Apostoly raha nanoratra izao Filazantsara izao izy dia araka izay soratany ao amin'ny Jaona 20,31 : « ***Fa voasoratra izao, mba hinoanareo fa Jesosy no Kristy, Zanak'Andriamanitra, ary mba hanananareo fiainana amin'ny anarany, raha mino ianareo.*** » Izay mampiavaka ny Filazantsara araka an'i Jaona amin'ireo Filazantsara synoptika : ny tanjon'i Jaona dia tsy ny hampiseho ny tantaran'i Jesoa Kristy misesy araka ny fotoana nisehoany (Par ordre chronologique) fa ny hampiseho mibaribary ny maha Andriamanitra an'i Jesoa. Tsy mitady fotsiny ny hanamafy ny finoan'ny kristiana anoratany i Jaona, fa ny tena tanjony koa raha manoratra izao Filazantsara izao dia ny hanitsy ireo fampianaran-diso izay tena mieli-patrana tokoa tamin'ny androny. Tena manisy tsindrim-peo mihitsy i Jaona Apostoly fa i Jesoa Kristy dia « Zanak'Andriamanitra », sady tena Andriamanitra tokoa no tena olombelona tokoa. Ny fampianaran'ireo mpanao fampianaran-diso ireo mantsy dia izao : Jesoa Kristy dia olombelona fotsiny fa nomena ny Fanahin'Andriamanitra tamin'ny fotoana nanaovana batisa Azy teo amin'ny onin'ny Jordana ka nahafahany nanao ireo fahagagana maro. Fa niala taminy izany Fanahin'Andriamanitra izany teo amin'ny fotoana nanombohana Azy teo ambony hazo fijaliana. Izany fampianaran-diso izany no toherin'i Jaona ato amin'izao Filazantsara izao.

Fahagagana 7 ihany no tantarain'i Jaona ao amin'ny Flazantsarany hanehoany ny maha Andriamanitra an'i Jesoa. Ny sasany amin'ireo fahagagana tantarainy ireo dia tsy hita ao amin'ny Filazantsara synoptika (Matio, Marka, Lioka). Ny Filazantsara araka an'i Jaona dia teoljika kokoa raha mitaha amin'ireo 3 eo aloha, izany hoe, tsy mijanona fotsiny amin'ny fitantarana fa manazava ny hevitr'ilay zavatra tantarainy. Izy no miresaka bebe kokoa ny mikasika ny Fanahy Masina raha mitaha amin'ny Filazantsara synoptika. Misy teny maro izay famerimberin'i Jaona manokana toy ny hoe : minoa, vavolombelona, mpampionona, fiainana sy fahafatesana, mazava sy aizina, Izaho no, ny fitiavana. Izy ilay ambaran'ny maro hoe Filazantsaran'ny Fitiavana satria miresaka betsaka ny amin'ny fitiavana. Ary malaza fa ny andinin-soratra masina mamintina, tsy ny Filazantsara araka an'i Jaona ihany fa ny Baiboly manontolo mihitsy, dia ny Jaona 3,16 : « ***Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao*** »

*tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay. »*

## 2) Ny Boky Asan'ny Apostoly

Araka ny efa nazavaina teo aloha, raha nijery ny Flazantsara araka an'i Lioka, isika, dia mazava fa i Lioka mpitsabo no nanoratra ny boky Asan'ny Apostoly sy ny Filazantsara Lioka (Cf. Lioka 1,1-4 sy Asa 1,1-3). Mampahatsiahy isika fa i Lioka dia namana miara-manompo akaikin'i Apostoly Paoly. Teo anelanelan'ny taona 61 sy 64 taorian'i Jesoa Kristy no nanoratany izany boky izany.

Ny anaran'ny boky hoe « Asan'ny Apostoly » dia avy tamin'ny teny grika hoe « *praxeis ton apostolôn* », ary nadika tamin'ny teny latina hoe : « *acta apostolorum* ». Io no nadikan'ny frantsay hoe : « Actes des Apôtres », ary nadika tamin'ny teny malagasy hoe : Asan'ny Apostoly. Marihana, ry havana, fa tsy ny boky Asan'ny Apostoly ihany no boky mitovitovy anarana amin'izany. Tamin'ny fotoanan'ny Antiquité (3500 ans av. J.-C. jusqu'à la chute de l'Empire romain, en 476 av. J.-C.), dia maro ny raki-tsoratra mitovitovy fiantsoana amin'izany, toy ny hoe : « Asan'i Paoly sy Tekla » (Actes de Paul et Théccla), Asan'i Jaona (Actes de Jean), Asan'i Tomasy (Actes de Thomas), Asan'i Andrea (Actes d'André), sy ny maro hafa tsy voatanisa. Fa tamin'ireny boky maro voatanisa ireny dia ny boky Asan'ny Apostoly no nahazo ny fankatoavan'ny Fiangonana voalohany. Ny boky Asan'ny Apostoly ihany koa amin'ireo boky maro ireo no tena mitantara betsaka sy marina ny asa nataon'ny Apostoly amin'ny ankapobeny. Na dia izany, aza, ny Fiangonana dia mahita fa tsy arakakarak'izay voantantara ao anatin'ny anaran'ny boky. Raha miteny hoe Apostoly mantsy dia ny Apostoly 12 lahy no mby ao an-tsaina amin'izany. Tsy ny Apostoly rehetra anefa no voantantara ao. Ankoatry ny fitanisana indray mandeha monja ny anaran'ireo Apostoly 11 lahy, tsy ao natiny i Paoly (Asa 1,13), izay voalaza betsaka ao anatin'ny boky dia i Petera, izay miaraka amin'ny Apostoly Jaona matetika no voantantara betsaka. Misy olon-kafa koa anefa voantantara betsaka

Ao, izay tsy anisan'ny Apostoly. Ohatra : Etienne, Filipino evanjelista (fa tsy Filipino Apostoly), Jakoba rahalahy ara-nofon'i Jesoa, ary i Paoly sy ireo mpiara-dia aminy. Ny maro dia mihevitra fa tokony hoe « Asan'ny Fanahy Masina » no tokony natao anaran'ny boky, satria dia misongadina manerana ny boky Asan'ny Apostoly manontolo ny asan'ny Fanahy Masina, nanomboka tamin'ny nanomezana ny Fanahy Masina ho an'ny Fiangonana, tamin'ny andro Pentekosta, araka izay hita ao amin'ny Asan'ny Apostoly 2.

Raha fintinina, ny boky Asan'ny Apostoly, dia mitantara ny fahaterahan'ny Fiangonana kristiana, ny fielezan'ny Filazantsaran'i Jesoa Kristy nanomboka teo Jerosalema, nandraisana ny Fanahy Masina, nitohy hatrany Jodia sy Samaria, nitohy tamin'ny tantara nitsarana an'i Paoly Apostoly, ka hatramin'ny fahatongavany tany Roma. Mampiseho ireo famantarana maro, dia ireo fahagagana nataon'ny Fanahy Masina tamin'ny alalan-dry Petera sy Jaona, ary Paoly ny boky.

Teo anelanelan'ny taona 61 sy 64 no nanoratan'i Lioka ny boky Asan'ny Apostoly.

## 3) Ireo Epistily

Ny teny hoe Epistily dia avy amin'ny teny grika hoe *επιστολή* (*epistolē*), nadika tamin'ny teny latina hoe : *epistula* ary nadika amin'ny teny frantsay hoe : *épître* na *lettre*, ary nadikan'ny Baiboly malagasy hoe Epistily na taratasy. Araka izany, ny Epistily dia taratasy

nosoratan'ireo Apostoly ho an'ny kristiana mba hampaherezana, hampianarana, hanitsiana azy ireo amin'ny fanarahana ny Tompo.

Miisa 21 ny Epistily voasoratra neken'ny Fiangonana hampioarenana finoana. Azo zaraina 2 miavaka tsara izy ireo. Ny voalohany dia ireo Epistily nosoratan'i Paoly Apostoly izay miisa 14. Ary ny faharoa dia ireo antsoina hoe Epistily katolika, izay miisa 7, izay nosoratan'ireo Apostoly samihafa.

### **3.1. Ireo Epistily nosoratan'i Paoly**

Ao ireo manohana fa 13 ireo Epistily nosoratan'i Paoly : Romana, 1 Korintiana, 2 Korintiana, Galatiana, Efesiana, Filipiana, Kolosiana, 1 Tesaloniana, 2 Tesaloniana, 1 Timoty, 2 Timoty, Titosy, Filemona. Misy kosa ireo milaza fa 14 ireo Epistily nosoratan'i Paoly Apostoly. Anisan'ny Epistily nosoratan'i Paoly, hoy ireo mpanohana izany ny Epistily ho an'ny Hebreo. Mbola hojerentsika manokana eo ambany ny momba manokana ny Epistily ho an'ny Hebreo. Fa ndeha aloha ataontsika ao anatin'ny Epistily nosoratan'i Paoly izy. Amin'ireo Epistily nosoratan'i Paoly Apostoly ireo, dia antsoina hoe « Epistily pastoraly » (Epîtres pastorales) ireo Epistily 3 : 1 Timoty, 2 Timoty, Titosy. Tsara ihany koa ny manamarika, fa amin'ireo Epistily 13 nosoratan'i Paoly, dia 9 nosoratany ho an'ny Fiangonana ary 4 nosoratany ho an'ny olona manokana. (Particulier)

#### **3.1.1. Epistily ho an'ny Romana**

Tany Korinto i Paoly no nanoratra ity Epistily ity ho an'ny Kristiana any Roma, ary teo anelanelan'ny taona 56 sy 58 no nanoratany azy. Ny hafatra fototra ao amin'ny bokin'ny Romana dia mazava : Ny fahamarinana (justice). Ahoana ny hahamarina antsika eo antrehan'Andriamanitra (comment être juste devant Dieu). Mizara 4 araka izany ny boky : 1) Ny fahamarinana ilaina (la justice nécessaire) ; 2) Ny fahamarinana voakiana (la justice imputé) ; 3) Ny fahamarinana voamarina (la justice confirmée) ; 4) Ny fahamarinana narahina (la justice pratiquée).

#### **3.1.2. Epistily ho an'ny Korintiana (Voalohany sy faharoa)**

Tamin'ny taona 55 tany ho any no nanoratana ny voalohany. Tamin'ny taratasiny voalohany, i Paoly dia niezaka ny amin'ireo olana nisy tao amin'ny Fiangonana tao Korinto : ny amin'ny fisaratsarahana, ny amin'ny fijangajangana, ny amin'ny fanomezam-pahasoavana samihafa, ny amin'ny fitsanganana amin'ny maty. Mananatra i Paoly mba hiorina indray eo ambony fanorenana tsara ny Fiangonana dia i Jesoa Kristy.

Teo anelanelan'ny taona 55 sy 57, dia nanoratra fanindroany ho an'ny kristiana tao Korinto i Paoly. Ny toko 1-7 no hanazavany ny fanompoany amin'ny maha Apostoly azy (Ministère de l'Apôtre Paul). Ny toko faha 8- 13 kosa no hiresahany ny fanompoan'ny Fiangonana (Ministère de l'Eglise).

#### **3.1.3. Galatiana**



Nosoratana ho an'ny kristiana any Galatia teo anelanelan'ny taona 48 sy 55 ity Epistily ity. Mitovitovy tamin'izay nampitainy tamin'ny kristiana tany Roma ihany no ampitainy amin'ny kristiana any galatia. Tsy inona izany fa ny hoe : Amin'ny alalan'ny finoana ihany no hanamarinana ny olona fa tsy amin'ny asa.

#### **3.1.4. Efesiana**

Nosoratan'i Paoly fony izy tany am-pigadrana izao Epistily izao tokony tamin'ny taona 60 ka hatramin'ny taona 63 tany ho any. Ity Epistily ity dia nentin'i Paoly nampianatra ny kristiana tao Efesosy ny amin'ny finandraisan'i Kristy amin'ny Fiangonana. Mamelabelatra ny planin'Andriamanitra talohan'ny fahariana ka hatramin'ny mandrakizay izy. Velabelariny fa amin'ny fahatongavany, dia hanorina vahoaka vaovao Izy izay sady ahitana Jiosy ho ahitana tsy Jiosy, izay tsy inona fa ny Fiangonana.

#### **3.1.5. Filipiana**

Teo amin'ny manodidina ny taona 61 no nanoratan'i Paoly Apostoly ho an'ny kritiana any Filipy ity taratasy ity. Tany am-pigadrana tany Roma izy no nanoratra ity taratasy ity. Epistily nampianatra hifaly amin'ny zavatra rehetra : Hifaly na dia ao anatin'ny fijaliana ; hifaly ao anatin'ny fanetren-tena ho fanompoana ny hafa ; hifaly na dia ao anatin'ny fanahiana aza. Ny fananana sy finoana an'i Kristy no hahavitana izany.

#### **3.1.6. Kolosiana**

Taratasy nosoratan'i Paoly Apostoly teo anelanelan'ny taona 58 sy 62 teo ho eo. Nosoratana izao Epistily izao mba hiadiana amin'ireo diso lalana amin'ny finoana (hérésie) izay nahazo vahana tokoa tany Kolosia ka ahiana hamotika ny Fiangonana. Tsy inona izany fa ny fanoherana ny maha Andriamanitra an'i Kristy. Tao koa ny fanomezan-danja be loatra ny famorana sy ny fombafomba.

#### **3.1.7. 1 sy 2 Tesaloniana**

Teo amin'ny manodidina ny taona 50 no nanoratan'i Paoly Apostoly ny 1 Tesaloniana ary teo anelanelan'ny taona 51 sy 52 ny 2 Tesaloniana, ho an'ny kristiana any Tesalonika. Arakan y 1 Tesaloniana dia nanjaka tao amin'ny Fiangonana tao Tesalonika ny fifangaroan-kevitra ny amin'ny fiavian'i Kristy. Tian'i Paoly hazava tsara ao an-tsain'ny kristiana ao Tesalonika ny amin'izany fiavian'i Kristy izany. Nampianatra koa i Paoly tamin'izao taratasiny izao ny amin'ny tokony hananana fiainana masina. Tao amin'ny 2 Tesaloniana kosa no nampianaran'i Paoly ny amin'ny andron'ny Tompo. Diso mantsy ny fandraisan'ny kristiana tao ny amin'izany atao hoe andron'ny Tompo. Heveriny fa efa tonga ny andron'ny Tompo ka nampitsahatra ny asany izy ireo. Ambonin'izany dia voahenjika mafy koa ny kristiana tao ka nampahery azy ireo i Paoly.

### **Ireo Epistily pastoraly**

Ny Epistily pastoraly (épître pastorale) na lazaina koa hoe « Trito-paulinienne » dia Epistily nosoratan'i Paoly Apostoly ho an'ny olon-tsotra (personne individuelle) fa tsy ho an'ny Fiangonana. Izany no mahatonga azy ireo antsoina hoe Epistily pastoraly. Tahaka ny

dinidinika pastoraly ataon'ny ray aman-dreny amam-panahy, izay tsy iza fa ny Apostoly Paoly amin'ny zanany ara-panahy izay tsy iza fa i Timoty sy Titosy. Antsoina koa hoe Epistily pastoraly ireo Epistily 3 nosoratan'i Paoly apostoly ireo satria mirakitra torohevitra sy fampianarana ny amin'ny fitondrana ny Fiangonan'Andriamanitra (1 Tim 3,15). Araka izany dia miisa 3 ireo Epistily pastoraly nosoratan'i Paoly Apostoly : 1 Timoty, 2 Timoty ary Titosy.

### 3.1.8. 1 Timoty

Anankiray amin'ireo mpianatr'i Paoly i Timoty, izay niaraka taminy foana nandritra ny taona maro, Mpitandrina mbola tanora na ara-taona na ara-panahy (Jeune Pasteur). Teraka tany Lykaonia (Lycaonie) tany Azia minora izy. Grika ny rainy ary Jiosy ny reniny (Asa 16,1). Eonika (Eunice) no anaran'ny reniny, vehivavy mpivavaka mafana fo. Tamin'ny diany faharoa nitony ny Filazantsara (second voyage missionnaire) no nahitan'i Paoly azy, tonga kristiana. Nosoratan'i Paoly ho an'i Timoty ity Epistily teo anelanelan'ny taona 62 sy 66. Mampianatra an'i Timoty ny amin'ny fitondram-piangonana i Paoly : mikasika ny fanompoam-pivavahana, ny mpitondra isan'ambaratonga. Mampiatndrina i Paoly ny amin'ireo mpampianatra sandoka, ireo latsaka amin'ny fahotana ,ireo mpitondra tena, ireo antitra, ireo andevo. Mampahery an'i Timoty ho hentitra, hanana faharetana, ary ho mahatoky amin'ny antso izay niantsoan'Andriamanitra azy.

### 3.1.9. 2 Timoty

Manodidina ny taona 67 no nanoratan'i Paoly ity Epistily ity ho an'i Timoty. Migadra fanindroany any Roma i Paoly raha manoratra ho an'i Timoty. Mahatsiaro ho irery sy tsy misy miraharaha izy. Azo lazaina fa ity Epistily ity no teny farany nataon'i Paoly (dernières paroles). Mampahery an'i Timoty izy mba hafana fo hatrany ho an'i Kristy, hitazona ny fampianarana madio, hiala amin'ny fanao maloto. Nilaza izy fa amin'ny andro farany dia hisy fanenjehana mafy sy fialan'ny maro amin'ny finoana kristiana (Apostasie). Miantso ny kristiana i Paoly mba ho mahatoky amin'ny finoana, hahavita ny fihazakazahana.

### 3.1.9. Titosy

Nanoratra ity taratasy ity ho an'i Titosy i Paoly manodidina ny taona 66. Tsy Jiosy i Titosy fa Grika, saingy niova fo ka tonga kristiana. Mpiara-dia tamin'i Paoly Apostoly izy. Efa nasain'i Paoly nitondra Fiangonana tany Kreta izy. Tamin'ny figadran'i Paoly fanindroany sy taloha kelin'ny nahafatesan'i Paoly dia teo akaikin'i Paoly izy ary avy eo birahiy ho any Damaltie. I Tite no Eveka voalohan'ny Fiangonana tao Kreta. Nampahery an'i Titosy i Paoly ny amin'ny fitondrana ny Fiangonana ao Kreta. Nanoro hevitra an'i Titosy izy ny amin'ireo toetra tokony hananany ny amin'ny fitondram-piangonana. Nampitandrina an'i Titosy koa ny amin'ny laza ratsin'ny mponina ao Kreta.

### 3.1.10. Filemona

Nosoratan'i Paoly tamin'ny figadrany voalohany tany Roma ity Epistily ity, niaraka tamin'ny Efesiana sy Kolosiana. Tany amin'ny taona 60 tany ho any izany. Kristiana tao Kolosy i Filemona. Ity Epistily fohy indrindra tamin'izay nosoratan'i Paoly ity dia hampianaran'i

Paoly ny fomba hitantanana andevo, satria nanana izany i Filemona izay antsoina hoe Onesimosy. Tokony ho entina tahaka ny rahalahy kristiana izy fa tsy entina tahaka ny andevo.

### 3.1.11. Hebreo

Teolojiana maro no milaza fa i Paoly Apostoly no nanoratra ity Epistily ity. Maro koa anefa no manaporofa fa tsy i Paoly no nanoratra azy. Anarana maro no efa naroson'ireo mpikaroka fa nanoratra ny Epistily ho an'ny Hebreo. Ireto no santionany : Lioka, Apolosy, Barnabasy, Silasy, Filipino, Prisila sy Akila. Tsy hiditra amin'izany adihevitra izany isika fa ny azo antoka dia izao : N'iza n'iza tanan'olona nanoratra azy, fitaovana fotsiny teo ampelantanan'Andriamanitra ireny, fa ny Fanahy Masina no tena Mpanoratra (2 Timoty 3,16). Nosoratana nanodidina ny taona 65 teo ho eo ny Epistily ho an'ny Hebreo.

Manoratra ho an'ireo hebreo tonga kristiana ny mpanoratra, izay hebreo ihany koa, mba hatsahatra ny ny fanaon'ny Hebreo. Maro tamin'ireo Jiosy tonga kristiana mantsy no niverina nanao indray ny fomba amam-panao sy ny fomba fivavahan'ny Jiosy (Judaïsme) mba hialan'izy ireo amin'ny fanenjehana miha mahamay ataon'ireo Jiosy mbola fatra-pifikitra amin'ny fivavahana Jiosy. Araka izany, ity Epistily ity dia mitaona ireo kristiana voahenjika mba tsy hiverin-dalana fa hanohy hatrany ny fanompoana ny Tompo eo ambany fahasoavan'i Jesoa Kristy. Jesoa Tompo no ambony noho ny zavatra rehetra, ary izany rahateo no hafatra fototra ampitain'ny mpanoratra amin'ny alalan'izao taratasy izao.

## 3.2. Ireo Epistily katolika

Ireo Epistily katolika (épîtres catholiques ou épîtres universelles ou épître générale) dia ireto Epistily 7 ireto : Jakoba, 1 Petera, 2 Petera, 1 Jaona, 2 Jaona, 3 Jaona, Joda. Natao hoe Epistily Katolika ireo Epistily ireo satria tsy mba nosoratana ho an'ny olona iray na ho an'ny Fiangonana iray fa nosoratana ho an'ny Fiangonana manerana izao tontolo izao, ho an'ny Fiangonana amin'ny nakapobeny. Ny teny hoe catholique dia avy amin'ny teny grika hoe : *katholicos*, izay midika hoe : « universel ». Taratasy nosoratana ho an'ny Fiangonana maneran-tany araka izany ireo Epistily 7 ireo.

### 3.2.1. Jakoba

Jakoba no nanoratra ity Epistily ity. Jakoba, izay tsy iza fa ilay rahalahin'i Jesoa Kristy aranofo (Mt 13,55 ; Mr 6,3). Taorian'ny nitsanganan'i Jesoa tamin'ny maty izy vao tonga resy lahatry ny Filazantsara ka tonga kristiana. Taty aoriana dia tonga lohan'ny Fiangonana tao Jerosalema mihitsy izy. Ny Epistily nosoratan'i Jakoba no soratra tranainy indrindra amin'ny Testamenta Vaovao, satria tany amin'ny taona 45 tany ho any no nanoratan'i Jakoba azy. Heverin'ny maro fa valin-kafatra ho an'i Paoly nanoratra ny Epistily ho an'ny Roman aizy ity, izay milaza fa ny finoana ihany no mahavonjy. Manoratra ho an'ireo Jiosy tonga kristiana maneran-tany i Jakoba mba hitombo amin'ny finoana vaovao kristiana. Manindry kosa anefa anefa i Jakoba fa ny asa tsara dia tokony hiseho eo amin'ny fiainan'ny olona feno ny Fanahy Masina ary koa tokony ho hita taratra mivaingana eo amin'ny fiainan'ny mpino ny asa tsara. Tsy mifanohitra izay ambaran'i Paoly sy ny ambaran'i Jakoba fa mifameno. Tsy ny asa no mahavojojo hoy i Jakoba saingy ny finoana marina dia tokony hiteraka asa.

### 1.2.2. 1 Petera

Tsy misy adihevitra azo atao fa voalaza mazava tsara eo amin'ny 1,1 fa ny Apostoly Petera no nanoratra ny Epistily nosoratan'i Petera. Simona na Simona Barjona no tena anarany. Antsoina koa hoe Kefasy (Ilay vato). Izy dia Jiosy avy any Galilia. Anankray amin'ireo mpianatra akaiky an'i Jesoa. Tany amin'ny taona 60 ka hatramin'ny 65 tany ho any no nosoratan'i Petera ity taratasy ity. Niaina izany atao hoe fanenjehana i Petera. Nampahery ny mpamaky azy i Petera fa tena tombotsoa ho an'ny mino raha toa ka mijaly noho ny amin'i Kristy, toa an'i Jesoa nijaly ho an'ny mino. Nanamafy i Petera fa i Satana no tena fahavalo lehiben'ny kristiana. Ny fahazoantsika antoka fa hiverina i Kristy no fanantenana ho antsika. Ambaran'ny mpanidnika maro fa ny Epistily ho an'ny Petera dia azo lazaina hoe : Ilay Epistilin'ny fanantenana (Epître de l'espérance)

### **1.2.3. 2 Petera**

Tany amin'ny faraparan'ny fahaveloman'i Petera no nosoratany ity Epistily ity, izany hoe teo anelanelan'ny taona 65 sy 68. Tamin'ny taona 68 mantsy izy no maty maritiora tany Roma. Manahy i Petera ny amin'ireo mpampianatra sandoka, miditra tsimoramora ao amin'ny Fiangonana. Miantso ny kristiana i Petera mba hitombo sy hihamafy amin'ny finoana mba ahafahan'izy ireo mamantatra sy miady amin'ny fiàlana amin'ny fivavahana miha mahazo vahana. Tsindrin'i Paoly mafy mihitsy ny amin'ny fahamarinan'ny Tenin'Andriamanitra sy ny fahazoana antoka fa hiverina i Jesoa.

### **1.2.4. 1 Jaona**

Efa voalaza teo amin'ny Filazantsara araka an'i Jaona ny mombamoba an' Jaona. Voasoratra teo anelanelan'ny taona 85 sy 95 ny 1 Jaona. Manodidina ny 90 taona izy tamin'izany. Marihana fa maty teo amin'ny faha 100 taonany i Jaona ary izy no Apostoly velona farany. Tany Efesosy izy raha manoratra izao Epistily izao. Mampianatra ny amin'ny fototry ny finoana ao amin'i Kristy i Jaona. Ny tena kristiana marina dia mifankatia, izany no mariky ny fisian'Andriamanitra eo amin'ny fiainany. Ny finfankahalana ny sny forongony dia mariky ny tsy fahafantarana an'Andriamanitra. Mampianatra i Jaona fa ny finoana ananany dia mitarika azy hiaiky fa mpanota ary mitaona azy hangataka famelan-keloka sady koa hifamela heloka.

### **1.2.5. 2 Jaona**

Tamin'ny fotoana nanoratana ny Apistily voalohany sy ny Epistily fahatelo no naoratana ny Epistily faharoa, izany hoe teo anelanela'ny taona 85 sy 95. Miantso ny mpamaky azy i Jaona mba hampiseho fitiavana an'Andriamanitra sy an'i Zanak'Andriamanitra amin'ny fankatoavana ny didiny izay tsy inona fa ny fifankatiavana ary koa mba hivelona amin'ny fiainana feno fankatoavana ny Tenin'Andriamanitra. Ity taratasy faharoa nosoratan'i Jaona ity koa dia fampitandremana miharihary amin'ireo mpampianatra sandoka izay mampianatra fa tsy tonga tamin'ny nofo izany i Kristy.

### **1.2.6. 3 Jaona**

Nosoratana niaraka tamin'ny vanim-potoana mitovy ireo Epistily 3 nosoratan'i Jaona, dia samy teo anelanelan'ny taona 85 sy 95. Miarahaba sy mankahery an'i Gaio i Jaona ny amin'ny fandraisana ireo evanjelisitra mifindrafidra toerana (itinérants) mitory ny Fialazantsara. Mampitandrina ankolaka an'i Diotrefa izay tompon'andraikitra tao amin'ny

Fiangonana iray tao Azia i Jaona, manameloka ny fitondran-tenany izay mifanohitra amin'ny fampianaran'ny Apostoly sy ny Filazantsara. Tsy mety nandray ireo mpitory ny Filazantsara ireo izy. Nidera an'i Demetrio i Jaona noho ny laza tsara sy ny fahamarinana ananany.

### 1.2.7. Joda

I Joda dia tsy hafa fa rahalahin'i Jakoba, rahalahin'i Jesoa ara-nofo, izany hoe zanak'i Josefa sy Maria ara-nofo. Mpirahalaha izany i Joda sy Jakoba, ilay nanoratra ny Epistilin'ny Jakoba. Voasotra ity Epistily ity teo amin'ny manodidina ny taona 60 sy 80. Nosoratana ny Epistily ho an'ireo miha malemy finoana. Tonga malemy finoana izy ireo vokatry ny ataon'ireo izay milaza ny tenany ho kristiana kanefa mbola manompo sampy sady tsy msy fankatoavana ny lalàna ao aminy. Te hanentana ny kristiana i Joda ny amin'ny fisian'ireo loza ara-panahy (mpamainany sandoka) izay efa mitatao eo an-dohany ary mampahery azy ireo hijanona ho mahatoky na dia eo aza ireo loza ireo.

### 1.3. Bokin'ny faminiana : Apokalypsy

Ity no boky faha 5 nosoratan'i Jaona Apostoly, izay nosoratany teo anelanelan'ny taona 90 sy 95 tany ho any. Ny anaran'ny boky dia avy amin'ny teny grika hoe *Apokalupsis* izay midika hoe : « l'action de découvrir » na « un dévoilement ». Raha adika amin'ny teny malagasy dia « fanalana sarena » Misy zavatra misarona na takona, dia esorina ilay sarena na ilay manakona. Raha ny tena dikan'ny hoe Apokalypsie izany dia izao : fanalana sarena, fanalana ny takona. Misy ny mandika ny teny « Apokalypsie » amin'ny teny malagasy hoe : Fanambarana ; nefa tsy dia mahadiaka azy loatra izany. Anarana ilazan'ny maro azy, na Apokalypsy na Apokalypsy an'i Jaona na Bokin'ny fanambarana (Livre de la Révélation). Sesin-tany tao amin'ny nosy Patmos izy raha nanoratra ity boky ity. Tao no nasehon'Andriamanitra taminy izay zavatra hiseho amin'ny ho avy.

Milaza izay hitranga amin'ireo andro farany (les derniers jours) mialoha ny hiverenan'i Kristy sy ny amin'ny lanitra vaovao sy ny tany vaovao i Jaona. Ny fampisehoana izay miafina naseho taminy dia nanomboka tamin'ireo taratasy ho an'ireo Fiangonana 7 any Azia minora ; nitohy amin'ny filazana ny fandravana miseho amin'ny fomba mahatsiravina ny tany ; ilay mariky ny bibidia, ny isa « 666 », ny ady lehibe farany Haramagedona, ny hamatorana an'i satana, ny fanjakan'i Jesoa, ny fitsaran'Ilay seza fiandrianana fotsy lehibe, ilay tanàna masina na Jerosalema vaovao. Tanteraka ireo faminiana ny amin'i Jesoa, ary farany manome antoka antsika ny fahitan' i Jaona fa ho avy i Jesoa.

**SOLI DEO GLORIA**